



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Fentindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-215

LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2022

Fivoriana Faha-26
Natao ny
Zoma 1 Jolay 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Zoma 1 Jolay 2022 tamin'ny 12 ora sy 35 minitra, atoandro

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2022.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriansika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2022 izao.

Iangaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita, Ramatoa Filoha.

- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny namakiany ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa Loholona, solotenan'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miaro ny Zon'Olombelona;

Ramatoa Mpanolotsaina Avo, solotenan'Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Andriamatoa Filoha Lefitra, misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena, izay tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena;

Singanina manokana koa ianao Andriamatoa Sekretera Jeneral Jeneralin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika izay fotoampamaranana izao,

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva isika izay nitantana antsika nandritra izay 60 andro izay, ka nahazoantsika indray ny andro androany, satria ny fivoriantika no tontosana dia noho ny fitantanany antsika.

Koa faly mamerina ny fiarahabana antsika rehefa indray ny tenako amin'ny alalan'izao lahateny izao. Ny haja moa hifanolorana ary ny voninahitra toavina; ka faly mifampizara izany amintsika tsirairay avy.

Misaotra manokana anareo vahiny manan-kaja tonga manontrona sy manome voninahitra izao fotoana lehibe izao ary tsy adino arak'izany anareo Solombavambahoaka mpiara-miasa izay tonga ary miarahaba manokana, tsy mahavizana ny mamerina izany aminareo satria vao omaly ianareo no tany amin'ny fari-pifidianana nanatontosana ny fetin'ny 26 Jona kanefa avy hatrany dia niverina eto an-drenivohitra indray ny faha-28 sy ny faha-29 ary nahatratra ny famaranana androany.

Toy ny mahazatra dia atao vaimpohan-draharaha aloha ny tatitra mahakasika ireo asa vita teto amin'ny Antenimierampirenena tato anatin'izay 60 andro izay.

Volavolan-dalàna niisa 14 no tonga teto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena ka ny 13 tamin'izany no nodinina sy nolaniana fa ny 1 kosa miandry amin'ny fotoana manaraka.

Tolo-dalàna niisa 4 no nodinihina ka ny 2 tamin'izany no lany, ny iray nolavin'ny Solombavambahoaka ary ny iray kosa, ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Tolo-pehin-kevitra iray no nodinihina ka lany soa aman-tsara.

Mahakasika ny Volavolan-dalàna iray momba ny "Orientation Générale du Système Educatif à Madagascar" dia nahemotra amin'ny fotoana manaraka na dia nezahina ihany aza ny fandinihana azy noho ny ara-potoana, ka izay no nahatonga ny fanemorana. Mino izahay fa miara-manaiiky aminay ianareo, fa zava-dehibe loatra izany politika entina hitondrana ny fampianarana eto amin'ny firenena izany, ka tsara hakana fotoana mba ahafahan'ny Solombavambahoaka miady hevitra lalina sy manao fakan-kevitra mivelabelatra kokoa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Lany soa aman-tsara teto koa ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiampanitsiana, taona 2022 ity. Tetibola izay natao hiatrehana ny fahasahiranana iainan'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy. Araka ny tatitra famintinana nataon'Andriamatoa Praiminisitra dia hita ny ezaka hamaly sy hamaha ny olan'ny krizy samihafa sy ny takaitra rehetra izay nandalovana. Tetibola entina hanosehana ny seha-pamokarana rehetra koa ity. Voaresaka ao koa ny fanampiana ny JIRAMA izay nahatratra Roapolo amby zato Miliara Ariary.

Tsy ny sarambagem-bahoaka ihany, tsy ny mpandraharaha madinika ihany no mizaka ny tsy eran'ny aina noho ny fahatapahan-jiro lavareny fa eo koa ireo orinasa tsy miankina izay isan'ny fanohitra mehiben'ny fandrosoana sy ny toe-karena.

Matoky izahay fa fanarenana mahomby no setrin'ny tarainan'ny vahoaka tsy vaky volo. Mahavelom-bolo ny tenin'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny fandraisam-pitenenana farany nataony tamin'ny fifanatrehana teny amin'ny CCI-Ivato hoe: tsy avela ho faty ny JIRAMA.

- Tehaka -

Tontosa soa aman-tsara ny fihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta araka ny voalazan'ny andininy faha 102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Miasa ny Antenimierampirenena, mitosaka ny Volavolan-dalàna avy any amin'ny Fahefana Mpanatanteraka. Eto aho dia manao antso avo ho antsika Solombavambahoaka mba hamokatra bebe kokoa amin'ny Tolo-dalàna sy ny Tolo-pehin-kevitra satria zavatra tsapa sy hita ary niainana tao anatin'ny 60 andro, fa 30 andro voalohany dia nilamindamina isika raha tsy hilaza aza aho hoe ny 40 andro voalohany; nanjary tsy nitovy lenta ny fandaharam-potoana satria tato anatin'ny andro vitsivitsy farany vao tena nitosaka ny Volavolan-dalàna ka lasa tsy nifandanja ny programa tato amin'ny Antenimierampirenena. Koa mba hampifandanja izany dia aoka hotoavintsika ny filamatra hoe: Antenimierampirenena mamokatra (productive des lois) fa tsy hiandry izay atolotry ny Fahefana Mpanatanteraka isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Toy izay sy toy izay amin'ny ankapobeny ny asa notontosaina teto anivon'ny Antenimierampirenena nandritr'izay 60 andro izay; fa hiresaka indray isika ny lafiny fiainampirenena.

Mipetraka ny fanontaniana manitikitika ny saina hatramin'izay hoe: mahomby ve ny fitantanana ny raharaham-pirenena? Mipaka any amin'ny vahoaka ve ny Planina marolafy ara-pahamehana (Plan multisectoriel d'urgence) hiatrehana ny krizy maro sosona eto amin'ny firenena sy eran-tany; na teo aza ireo krizy, ny zavatra mahatalanjona ary maharesy lahatra dia ny fahaiza-manaon'ny mpitondra eo amin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fitondram-panjakana.

- Tehaka -

Mitanila io sambo io, atopatopan'ny ranomasina sy ny onja io kanefa mbola eo, mitondra sy mijoro ary miasa. Porofon'izany ohatra, ny fahavitan'ireo fotodrafitrasa sesehena samihafa: ny lalana, ny sekoly, ny hopitaly, ny trano sosialy, ny tohadrano ho an'ny fambolena sns,sns.....Ambonin'izany rehetra izany, ireo fanampiana ara-tsosialy toy ny: famatsiana sakafo amin'ny endriny maro sy tohana ara-bola isan-karazany, fitsaboana maimaim-poana na ny "caravane sanitaire". Niara-nanaiky Solombavambahoaka tamin'ny fahavitan'izany asa izany. Mbola porofo tsy azo lavina koa ny fanambarana nataon-dRamatoa Ambasadaoro Amerikana vao tonga 3 andro izay nanatitra ny "lettres de créance" mikasika ny fankasitrany ny fitondrana tamin'ny fifehezana ny valan'aretina "Covid-19".

- Tehaka -

Tsy ary ho voatanisa fa santionany ihany ireo fa ny azo ambara dia misy ny fanantenana sy fahatokisana ny fitondrana mijoro ankehitriny satria mahatsinjo tara-pahazavana isika, fa izay miki-py maso sy mihirina no tsy mahita fa misy ny asa mavesa-danja. Azo tsapain-tànana ny fahombiazana vokatry ny fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana ny fitondrana Mpanatanteraka.

- Tehaka -

Eo antrehan'izay, misy kosa ny zavatra tsy azo ihodivirana sy tsy azo anoharana vokatry ny krizy eran-tany, samy mahalala izany isika ankehitriny, indrindra vokatry ny ady tsy mety mitsahatra ao "Ukraine" ity, ka mahatonga ny vidin-tsolika hiakatra. Mety ho 120 dolara angamba ny "baril" raha tsy diso aho. Koa hiatrika ny fiakaran'io vidin-tsolika io isika atsy ho atsy. Miteraka resabe na "psychose" mihitsy aza ary mety hiteraka tahotra sy hovitra.

Koa mitodika aminareo Mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tenako ary manainga anareo hampiomana mandrakariva ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanatevenana ny serasera mangarahara sy hanome toky ny olona fa misy mpitondra azo ianteherana.

Vonona izahay Solombavambahoaka hampiomana sy hakahery ny vahoakanay amin'ny fiatrehana ny krizy mafy holalovantsika izany. Tsarovy fa tsy i Mdagasikara irery no handalo izany fotoan-tsarotra izany, fa ny firenena eran-tany mihitsy, fa noho ny fanampiana izay omen'ny firenena mpamatsy vola; asa tiany sy maminy loatra angamba ity firenena Malagasy ity.

Mitosaka ny fanampiana omeny antsika hiatrehantsika izany krizy izany mba ho famatsiam-bola "pour la résilience" ho an'ny vahoaka Malagasy mba hiatrika ny krizy. Efa eny am-pelan-tànanao ny fitaovana ry mpitondra firenena ankehitriny; noho izany, aoka mba ho voamana tsara izahay vahoaka hiatrika izany rehetra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Tsa hanao lava ny tarogna koa aho amin'ity indray mitoraka ity satria efa bebe angamba ny nataontsika. Koa dia mbola misy resaka kely entina amin'ny fanavaozana hataon'ity fitondrana ity.

Maro ny fanavaozana nentin'izao fitondrana izao. Matoa mahasahy manao an'izany dia entanin'ny fitiavan-tanindrazana, indrindra amin'izao fotoanan'ny krizy izao. Noho izany, tsy afaka hikipy ny masontsika satria nisy "colloque" miisa roa natrehintsika mikasika ny fanovàna sy hiatrehantsika koa ny krizy. Ny iray dia mikasika ny fahavitan-tena ara-tsakafo; arahabaina ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, indrindra ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana. Arahabaina ihany koa ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany satria nisy vahaolana lehibe mikasika ny fanavaozana ny fananan-tany izay tsy vita kadasitra. Hisy ny fanatevenana ny Birao Ifoton'ny Fanana-tany, eo koa ny hizarana ny karatany sy ny "titre"-n'ny tany satria ilaina ve ny mampahatsiaro fa io ady tany io no mahatonga ny tsy fandriampahalemana. Koa mino sy matoky fa ny fanavaozana rehetra izay entinareo Fahefana Mpanatanteraka, indrindra ny fananan-tany ary isaorana an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika nanao fanarenana ny lalàna momba ny fananan-tany izany. Singa ihany ireo voalaza ireo mba ahafahantsika manamarina fa tsy hitako izay krizy politika na korontana ilazana hoe andao hanao fikaonan-doham-pirenena sy hanaovana fiaraha-mitantana. Koa avelao hiasa isika Solombavambahoaka, avelao hiasa ny fitondrana sy ny olom-boatendry aorian'izay vao hotsarain'ny vahoaka isika amin'ny fotoana tokony hanatanterahana an'izany fitsarany izany. Amin'izay fotoana izay, samy mizaka ny vokatry ny asa nataony.

Tsy ilaina, hoy aho, ny hanaovana izany fikaonan-doha izany fa aoka hampanjakana eto amintsika ny firaisan-kina, ny firaisan-tsaina, fitoniana. Arak'izany, hiroso mandrakariva amin'ny fanatontosana ny programan'asa sy ny nampanantenaina antsika isika aorian'izay vao tokony hitsara ny Fahefana mahefa koa isika.

Teny atsipy izay, koa ho any am-pon'izay mandray azy.

Araka ny voalaza teo hoe tsy ho lava ny teny dia hitodika aminareo zandry zanaka, tanora mpandimby sy kilonga madinika ny tenako izay hiatrika fanadinana. Ho tonga ity ny fotoampanadinana ara-panjakana; ny CEPE efa vita. Tsara ny vokatry, arahabaina ireo afaka soamantsara. Mitsodrano ihany koa an'ireo hanao BEPC sy ny "Baccalauréat" amin'ny manaraka.

Ho antsika vahoaka Malagasy kosa, manafatra etoana, aoka isika samy hitandrina fa mbola misy ity valan'aretina "Covid-19" ity. Manainga ny Minisiteran'ny Fahasalamana mba hanamafy ny fanentanana ny hanaovana vaksiny fanefitry ny "Covid-19" ary isika vahoaka koa mba ho fiarovana ny tenantsika, aoka mba tsy hiroaroa saina, fa hanatanteraka amin-kitsimpo izany vaksiny izany.

Mamelà ahy ianareo raha hampatsiaro satria nanambara ny fahombiazan'ny Governemanta amin'ny fitantanany ny raharaham-pirenena, kanefa aza atao tompon-trano mihono ny Solombavambahoaka sy ny olom-boafidy satria ireo no handrefy ny asanareo.

Averina sy afatokay izany; maro ny vola azontsika Malagasy, azon'ny fitondrana; izay no mahatonga ny fitakiana an'io fiaraha-mitantana io, ny fahitana ny fahamaroan'izay vola izay. Mipetraka ny fanontaniana satria na betsaka aza izany vola izany, tsy mety tena misosa ny famatsiana. Miara-manaky angamba ny rehetra, tsy mandeha tsara ny famatsiana. Inona no antony; mba mijery sy mandinika izahay na tsy teknisiana aza; mavesatra loatra ny "procédure" ahafahana mapiasa izany vola izany. Araka ny nambara taminay, raha androany no manao sonia ny fomba famoaham-bola, enim-bolana vao afaka manokatra ny kaonty hampiasana ny vola. Dingana 27 no lalovana vao afaka misitraka sy mampiasa izany vola izany. Mety tsy vita akory ireo dingana 27 ireo dia tapitra ny taona, vola tokony hampidirina any amin'ny lalàna ireo ka lasa naman'ny vola tsy lany; "30% de l'exécution budgétaire", 40%, 60%, mitovy amin'ny tsy manana ihany. Manao antso avo izahay sy ny Solombavambahoaka, hamaivano ny "procédure" amin'ny fampiasana ireo vola ireo; na ny indramina na ny fanomezana.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy, alohan'ny hamaranana ny lahateny dia tsy hadinoina ny mahakasika ny tsy fandriampahalemana. Mirongatra tato ho ato ny fakana ankeriny ary ao koa ny halatra voamason'ankizy izay vokatry ny finoanoam-poana sy ny fanompoan-tsampy ve sa te-hanankarena tampoka, na tamin'ny fitondrana teo aloha, fa tamin'ity dia ny voamason-jaza mihitsy no esorina. Zaza variry, zaza tsy manan-tsiny. Mba matahora an'Andriamanitra ianreo mpanao ratsy ireo. Izany no anisan'ny sakana tsy mampisosa ity firenentsika ity, ny fanompoan-tsampy, ny finoanoam-poana. Nisy aza fotoana nilazana fa ny atodin'omby no mampanankarena, izay novidiana lafo dia lafo tokoa. Taiza no nisy biby mampinono hanatody; vokatry ny finoanoam-poana ihany izany.

Miangavy satria efa manao izay tsy eran'ny ainy ny mpitandrofilaminana, isaorana ny fahaiza-manaonareo saingy tadidio fa isika vahoaka dia manana adidy ihany koa hahatanteraka ny fifehezana ny fandriampahalemana eo amintsika.

Eo amin'ny fangalarana mason-jaza, ao koa ny firongatry ny zava-mahadomelina maherivaika isan-karazany ity. Koa manao antso avo amin'ny rehetra tsy hasiana kian-trano an-trano, fa na iza izy na iza, tratra amin'izany asa maloto izany, rehefa kary dia vandana; tsy ananan-kavana ny asa maloto.

Ny fitsarana, aoka mba hampihatra ny sazy hentitra amin'ny fampahoriana ny kilonga izay tsy manan-tsiny.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Alohan'ny tena hamaranana sao hadino ny misaotra an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Minisitry Toekarena sy ny Fitantanam-bola nanome ny toerana ho antsika teny amin'ny CCI-Ivato sy niantoka ny lany ary niantoka ny sakafo.

Misaotra indrindra, Tompoko.

- Tehaka -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -**Ramatoa FILOHA**

Izao ary dia tapitra ny dia satria tonga any ambatra, feno ny isa fa mihoatra ny folo, hatao ahoana indray ny fitsilanan'androngo rehefa ny fotsy no mitranga eo ambony.

Ho famaranana ny teny dia marina ny fisaorana anareo vahiny, anareo manan-kaja izay tonga manatrika sy nanome voninahitra izao lanonana izao; indrindra fa ianareo Solombavambahoaka namana hajaina, nahatontosa hatramin'ny farany ity fotoam-pivoriana ity. Aoka izay alahelo sy izay lonilony, fa amin'ny manaraka dia ho hitanareo izahay rehetra napetrakareo etỳ.

- Tehaka -

Noho izany, hisaraka isika fa tapitra ny fotoana nihaonantsika teto, koa manome fotoana amin'ny manaraka ary mitsodrano anareo handeha lavitra sahady, omby mazava loha, ho tahaka ny niakaranareo taty no hiverenantsika any amin'ny misy antsika tsirairay avy. Soava dia, tongava soa, hotsenain'ny ankohonanareo ampitiavana ianareo.

Aza hadino ny tatitra ho an'ny vahoakatsika.

Alohan'ny hanambarana ny famaranana izao fivoriana ara-potoana izao dia mampita aminareo aho satria elaela kosa raha mba ampitiavana sy ampanetren-tena ary ampifaliana no anasana antsika rehetra handray ny nofon-kena mitam-pihavanana. Ho anao Andriamatoa Praiminisitra sy ny teknisiana ary ho antsika rehetra ihany koa.

Izay no lava, izay no fohy; Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2022 ity.

Mifarana hatreo ny fivoriansika.

Misaotra Tompokolahy;
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona